# Ilay Voa Tsara Nafafy 08 Jona 2018

**8** **Zoma**
jona

**Na dia ny ony maro aza tsy mahavono ny afon'ny fitiavana, ary ny renirano tsy mahapaoka azy.**
Tononkiran'i Solomona 8. 7

**Ny fanevany eo amboniko dia fitiavana.**
Tononkiran'i Solomona 2. 4

**Ny fanambadiana (3) : fianarana ny fitiavana**

Mazava ho azy fa mifamatotra ny teny hoe *fanambadiana* sy hoe *fitiavana*. Kanefa zava-dehibe ny mahatakatra tsara hoe inona moa ilay fitiavana resahina. Ny tena fitiavana dia izay mipoitra avy ao amin'ny fitiavan'Ilay Mpahary. „Andriamanitra dia fitiavana. Izao no nanehoana ny fitiavan'Andriamanitra antsika : Andriamanitra naniraka ny Zanany Lahitokana tamin'izao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin'ny alalany" (1 Jaona 4. 8, 9). Ny fitiavana itaomana ahy hotahafiko, hitiavako ny vadiko, dia ny fitiavan'i Jesosy „Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy" (Galatiana 2. 20). Io dia fitiavana manolotra tanteraka ny tena ho an'ny vadiny, tsy misy kajikajy na fihafahafana. Indreto tsahivina ny toetra sasantsasany ananan'io fitiavana io, araka ny nanoritan'ny apostoly Paoly azy :

„Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy ; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otripo, tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra. Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay" (1 Korintiana 13. 4-8).

Ny fitiavana araka an'Andriamanitra dia „miara-mifaly amin'ny fahamarinana" (izany hoe miaraka ny fitiavana sy ny fahamarinana). Ny lainga, ny zavatra afinafenina na tsy tenitenenina dia manimba ny fifampatokisana sy mampiditra poizina mitera-doza eo amin'ny mpivady.

Ny fitiavana „mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra"...

Fanamby tsara izany, apetrak'Adriamanitra mba hotanterahintsika. Hay atao ve ? Izy no hanome antsika ny hery ilaina ho amin'izany isanandro.

*(amin'ny heriny ny tohiny)*